Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

VF alakamisy 4 jolay 2020

Thème : **Jesosy Kristy mamelona na manome aina**

Texte : Jaona 5.1-21

Mitarika : Pst Désiré ANDRIANARIVO

------*Musique* ....

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, Amena

<u>Fiarahabana</u>

1 Rehefa afaka izany, dia nisy **andro firavoravoan' ny Jiosy**, ary Jesosy niakatra tany Jerosalema.

- Hira : 16. 1 – 2

1. Avia, ry vazantany ô!
Sy mponina ao an-danitra
Miraisa feo ka mihirà
Ny fanavotan-dehibe,
:,:Zay amonjena marobe
Dia vita re ka miderà.:,:

2. Avia, ry fiangonana ô!
Mba asandrato re ny feo
Hidera ny Mpanavotra;
Na aty an'efitra aza izao,
:,: Hirao am-pandehanana
Ny hira soan'i Ziona :,:

- Vavaka
- **<u>Vakiteny 1 : 2 - 9</u>**

2 Ary misy farihy any Jerosalema, eo akaikin' ny vavahadin' ondry, izay atao amin' ny teny Hebreo hoe Betesda, misy fialofana dimy.3 Tao no nandrian' ny marary maro, ny jamba,

ny mandringa, ny mati-ila. 5 Ary nisy lehilahy anankiray teo, izay efa narary valo amby telo-polo taona.6 Raha nahita azy mandry Jesosy ka nahalala fa efa toy izany ela izy, dia hoy Izy taminy: Te-ho sitrana va hianao?7 Ilay marary namaly Azy hoe: Tompoko, raha hetsehina ny rano, dia tsy mba misy olona handroboka ahy eto amin' ny farihy; nefa raha mandeha aho, dia misy olon-kafa misosoka eo alohako.8 Hoy Jesosy taminy: **Mitsangana**, ento ny fandrianao, ka mandehana.9 Ary niaraka tamin' izay dia sitrana ralehilahy ka nitondra ny fandriany, dia lasa nandeha. Ary Sabata izay andro izay.

- Fanazavana : ***Jesosy manangana***
- Hira : 53

1. Miposaka ny vonjy,
Endrey ny hafaliana!
Jesosy ny mpamonjy,
Andriam-piadanana,
Ilay Zanaky ny Avo
Dia nidina taty
Hahatonga antsika lavo
Ho zanaka ary,
Manangana olom-bery
Handova lanitra,
Ka dera, laza hery
Ho an'Andriamanitra!

- Vavaka : fianakaviana : Fisaorana ny amin'izao fotoam-bavaka izao, - Fitondrana amim-bavaka ireo marary indrindra fa ny COVID 19. - Mangataka fananganana ho an'izay reraka vokatry ny lazon'ady sy aretina samihafa.
- Vavaka mpitandrina :
- **<u>Vakiteny 2 : 10 - 13</u>**

10 Dia hoy ny Jiosy tamin' ilay efa sitrana: Sabata ny andro, ka tsy mety raha mitondra ny fandrianao hianao.11 Fa ralehilahy namaly azy hoe: **Ilay nahasitrana** ahy no nanao tamiko hoe: Ento ny fandrianao, ka mandehana.12 Ary ireo nanontany azy hoe: Iza moa izany

Lehilahy izany Izay nanao taminao hoe: Ento ny fandrianao, ka mandehana?13 Fa ilay sitrana tsy nahalala Azy; fa niala teo Jesosy, satria nisy vahoaka betsaka teo.

- Fanazavana : ***Jesosy manasitrana***
- Hira : 426.1

1. Nanatona Anao, Mpanavotra ô!
Ny olo-mahantra fahiny.
Ny rofiny be, ny senton'ny fo
Naneho fa soa no niriny.
Tsy nety ho sasatra Hianao,
Tsy nisy nolavina akory,
Fa samy nandray ny indrafonao,
Ka ravo ny olona ory.

- Vavaka : fianakaviana : Mangataka fanasitranana ho an'ireo aretina samihafa, - Misaotra ho an'ireo izay efa sitrana, - Mangataka hery mba hijoro vavolombelona ireo izay efa nositranin'i Tompo .
- Vavaka mpitandrina

- **<u>Vakiteny 3 : 14 - 18</u>**

14 Rehefa afaka izany, dia hitan' i Jesosy teo an-kianjan' ny tempoly ralehilahy, ka hoy Izy taminy: Indro, efa sitrana hianao; aza manota intsony, fandrao hanjo anao izay ratsy noho ny teo. 15 Dia lasa ralehilahy ka nanambara tamin' ny Jiosy fa Jesosy no nahasitrana azy.16 Ary noho izany ny Jiosy dia nanenjika an' i Jesosy, satria nanao izany zavatra izany tamin' ny Sabata Izy.17 Fa Jesosy namaly azy hoe: Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary **Izaho koa miasa**.18 Nefa vao mainka nitady hamono Azy ny Jiosy, tsy noho ny namahany ny amin' ny Sabata ihany, fa noho ny nilazany koa fa Andriamanitra no Rainy, ka nanao ny tenany ho mitovy amin' Andriamanitra Izy.

- Fanazavana : ***Jesosy miasa***

- Hira : 426 . 2

2. Manatona Anao, ry be indrafo,
Ny olo-mahantra anio,
Fa be siasia sy reraka am-po,
Ka raisonao ankehitrio!
Ny maty omeo aina vaovao,
Ny sasatra ampiadano,
Ny masonay jamba mba hazavao.
Ny rofin'ny fonay sitrano.

- Vavaka fianakaviana : - Ny fiambenana eo anivon'ny fianakavina mba tsy hiverina amin'izay efa nanavotan'i Jesosy azy ireo. – Matoky ny teny fampaherezana omen'i Jesosy ny fianakaviana, - Tsy hatahotra fanenjehana na eo amin'ny fianakaviana izany na eo amin'ny fiaraha-monina.
- Vavaka mpitandrina

- **<u>Vakiteny 4 : 19 - 21</u>**

19 Ary Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Ny Zanaka tsy mahazo manao na inona na inona ho Azy, afa-tsy izay hitany ataon' ny Ray; fa na inona na inona no ataon' ny Ray dia toy izany koa no ataon' ny Zanaka.20 Fa ny Ray tia ny Zanaka ka maneho Azy ny zavatra rehetra izay ataon' ny tenany; ary asa lehibe noho ireny no hasehony Azy, mba ho gaga hianareo.***21 Fa toy ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany***.

- Fanazavana : ***Jesosy mamelona***
- Hira : 426.3

3. Ka rahatrizay hanatona Anao
Ny tsy ho farofy intsony,
Fa hisy ny Alahady vaovao,
Ka sitrana tsara ny fony.
Izay tany soa misy Anao

No hisy ny olonao koa,

Hahita ny voninahitrao ao,

Ry Zoky malala Tsitoha.

- Vavaka fianakaviana : Jesosy manome aina vaovao ho an'ny mpikambana tsirairay ao amin'ny fianakaviana, - Fitondrana amim-bavaka an'i Madagasikara, France, - Ny fitoriana ny Filazantsara izay mamelona izao tontolo izao
- Vavaka mpitandrina :

<u>Famaranana</u>

- Hira : 347

Derao Andriamanitra,

Fa Izy Loharanon-tsoa,

Derao ny Tompo tokana,

Ray, Zanaka, Fanahy koa

- Hafatra :

21 Fa toy ny Ray manangana sy mamelona ny maty, dia tahaka izany koa no ameloman' ny Zanaka izay tiany.

- Tsodrano

Amin'ny Anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, Amena